Rio Tinto

# Politikan'ny Fahasalamana, Aroloza, Tontolo iainana, Fiaraha-monina, Kalitao na HSEC [Q] Rio Tinto QMM

Ny vinan'i Rio Tinto QMM dia manorina fitrandrahana mitondra fandrosoana lovain-jafy eto Madagasikara. Izany vina izany dia miainga avy amin'ny soatoavina fototra ananantsika mandàla ny Fifampitsinjovana, Fahasahiana ary Tia karokaroka.

Ny tanjontsika dia mba mpamatsy manaja ny fiarovana, mandaitra ary mahasoa ny orinasa mitrandraka fasika misy mineraly ho an'ny mpanjifa, mpiasa, mpiray monina sy ny tany itrandrahantsika.

## Ny firotsahantsika an-tsehatra:

Isika, eto anivon'ny Rio Tinto QMM, dia nanome teny hanatratra ny faran'izay tsara amin'ny lafiny Fahasalamana sy ny Fitandroana amin'ny voina ny olona izay miasa na mitsidika ny tobintsika, fanomezan-teny izay mihatra ihany koa eo amin'ny Tontolo Iainana izay hivelaran'ny raharaham-pitrandrahantsika. Izany dia miara-dàlana amin'ny fanomezantsika fahafaham-po ny hetaheta sy ny filàn'ny mpanjifa, ny fanajana ny fahamendrehana, ny fenitra iraisam-pirenena fantatra ary mametraka fifandraisana maharitra miaraka amin'ny fiaraha-monina ao anatin'ny fifanajana, fiaraha-miasa mahavitrika sy firotsahana an-tsehatra maharitra.

## Mba hahatontosa izany dia :

- Hofantarintsika sy hahenantsika miandalana ho faran'izay kely azo tratrarina ny loza ahiana hitranga eo amin'ny lafiny Fahasalamana – Aroloza – Tontolo Iainana – Fiaraha-monina sy Kalitao na HSEC [Q];
- Ny asam-pandraharahatsika dia hotontosaintsika mifanaraka amin'ny lalàna rehetra manankery;
- Hiantsorohantsika ny andraikitra amin'ny lafiny HSEC [Q], firotsahana an-tsehatra bebe kokoa avy amin'ny mpiasa sy ny mpikaraman'asa ary mampirisika ny fandraisan'anjara ny mpanjifa sy ny fiaraha-monina amin'ny fandaharana HSEC [Q];
- Haneho ny fahombiazana miavaka eo amin'ny lafiny tontolo iainana, sosialy ary fitantanana (ESG) :
  - ✓ Manalefaka sy mampihena ny fiantraika ratsin'ny asantsika amin'ny ny tontolo iainana
  - ✓ Mitantana faritra arovana eo amin'ny fiaraha monina toy ny faritra manokana hialana amin'ny fahasimban'ny harena voajanahary;
  - ✓ Mampitombo ny fiantraika tsara amin'ny alalan'ny fanatanterahana ny drafim-pitantanana ara-tsosialy sy tontolo iainana;
  - ✓ Manarina ny tany voakorontan'ny fitrandrahana ary manentana ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary;
  - ✓ Mandray anjara amin'ny vahaolana amin'ny aterakin'ny fiovan'ny toetr'andro amin'ny alàlan'ny fanafainganana ny paikadin'ny fampihenana ny enton'arina
- Hotontosaintsika mifanaraka amin'ny lalàna rehetra manankery ny asam-pandraharahatsika, ny politikan'ny orinasan'i RioTinto sy ny fenitra momba ny Fahasalamana – Aroloza – Tontolo Iainana – Fiaraha-monina – Kalitao, ny fitakian'ny mpanjifa ary ireo fanomezan-teny antsitrapo ka ao anatin'izany ireo fifanarahana iraisam-pirenena izay nankatoavin'i Madagasikara sy Rio Tinto tamin'ny fanasoniavana azy ireny;
- Hatsaraintsika hatrany ny fahombiazantsika avy amin'ny fandrefesana sy ny fanarahamaso ny fanatrarantsika ny tanjona sy ny tarigetra ary avy amin'ny fandraisana fepetra mialoha mba hanitsiana sy hisorohana ny fisian'ny tranga tsy manara-pitsipika na tsy manara-penitra any aoriana;
- Hampitombointsika, hampiharintsika ary hotazonintsika ny rafi-pitantanana HSEC[Q] eken'ny rehetra izay tena miray tanteraka ao anatin'ny raharaham-pitrandrahantsika, sy mifototra amin'ny tanjona sy ny tarigetra azo refesina;
- Hampitaintsika malalaka sy amin'ny fomba mangarahara ny olana rehetra mifandray amin'ny HSEC [Q] miaraka amin'ireo mpiombon'antoka ka anisan'izany ny mpiasa, ny mpandraharaha, ny mpanjifa, ny mpiray monina, ny manampahefana sy ny vahoaka amin'ny ankapobeny.

## Ny andraikitrantsika :

- Hifampizarantsika ny andraikitra ary hotazonintsika ho tompon'andraikitra amin'ny fahombiazana eo amin'ny lafiny HSEC [Q] ny isambatan'olona;
- Andraikitrin'ny mpitarika no mampahafantatra ny mpiasa, mpandraharaha, mpanjifa, mpiaraha monina sy vahiny ny toe-draharaha momba ity politika ity ary ny fampiarana azy;
- Tsy misy asa afaka tanterarahana raha tsy efa voaray tsara ny fanazavana momba ny paika voasaina amin'ny fiarovana manalefaka ny mety ho ratra na loza ara tontolo iainana;
- Hiantsorohantsika ireo andraikitra, amin'ny fanomezana ny fepetra sy zavatra ilaina hiantohana fa nahazo fiofanana isika rehetra, nahazo ny fitaovana sahaza ary mahay mitantana ny fahombiazantsika amin'ny lafiny HSEC [Q];
- Hataontsika ny fanamarinana sy ny fanaovana jery kiana ara-potoana ny fahombiazan'ny rafi-pitantantsika mba hiantohana ny firindrany amin'ny politikantsika mikasika ny HSEC [Q].

**David-Alexandre Tremblay**
**Talé Jeneraly QMM SA**